Fampidirana mpianatra 3
## Sempotra tanteraka ireo ray amandreny

Zaza Ramandimbiarison 2
## Didy jadona sisa no hitazoman'i Rajoelina ny fanjakàna


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 6 septambra 2022 Laharana 1340 Vidiny : **500 Ar**


Faritra Menabe 3
## Samy manao izay tiany ireo olom-boafidy sy olom-boatendry


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Filoha Marc Ravalomanana mivady 3
# Nanome voninahitra ny katolika sy ny JMJ MADA X




Hetsiky ny mpitondra fivavahana 2
# Mahonena sy manafintohina tanteraka ny zava-misy tany Ikongo





Association Famo Gidraka 2
# Nitondra teny fankaherezana ho an'ireo niharamboina tany Ikongo





Mahajanga 6
# Tratran' ny polisy ny lehilahy mpanolana sy mpanindron'antsy vehivavy



Ihosy 6
## Namono olona indray ny zandary

Oniversite Barikadimy Toamasina 7
## Hametrahana sekoly ambony momba ny pôlyteknika

**Daka kely**

Tsy maintsy hitsikasina amin'ny fiheboheboana ihany ialahy ry Boaikely a !

FILOHA MARC RAVALOMANANA MIVADY

# Nanome voninahitra ny katolika sy ny JMJ MADA X

Tonga niaraka niombom-bavaka tamin' ireo mpino Katolika nandritra ny fihaonamben'ny tanora JMJ X MADA tany Antsirabe ny filoha Marc Ravalomanana mivady Hita tao anatiny ny hafaliana nanatrika ity fihaonana ity satria horakoram-pifaliana no nandraisan'ireo mpino azy. Mitsangana fa ataoko vavolombelon'ny zavatra efa hitanao ianao, Asa toko faha 26 and 16. Io no andinin- tsoratra masina nanamarihana ity fotoambavaka lehibe ity. Fa taorian'ny vavaka famaranana ny JMJ andiany faha 10 tany Antsirabe ity dia nisy ny resadresaka fohy nataon'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana tamin'ny mpanao gazety Tokony mametraka, alohan'ny zavatra rehetra an' Andriamanitra aloha isika izay vao mipetraka mandinika dia mihaona.
Rehefa avy eo mijoro amin'ny fahamarinana, fa lalana sy fahamarinana i Kristy Tandremo tsara hoy izy fa misy mitady handika vilana a ! ny olona mino an'Andriamanitra tsy mba manana fisainana hafa mihitsy. Tsy nofo aman-dra akory no hiadi-



vana, tsy ilay olona no iadivantsika, fa ilay fanahy ratsy izay tonga ao anatin'ilay olona, ka mampivily ny sainy.

*Helisoa*

Zaza Manitranja Ramandimbiarison

# Didy jadona sisa no hitazoman'i Andry Rajoelina ny fanjakàna

Efa tsy zakan'ny olom-pirenena intsony ny zavamisy hiainana eto amin'ny firenena ankehitriny. Tsapa izany nandritra ny fitondràna TGV Andry Rajoelina. Manoloana izany dia naneho ny heviny manoloana ny raharaham-pirenena ankehitriny ny minisitra teo aloha Zaza Ramandimbiarisoa ary tsy nitsitsy fitenenana ity farany manoloana izany. Manjaka ny jadona eto amin'ny firenena Tsy rariny intsony,aoka izay. Tsy misy intsony ny zon' ny Malagasy. Tsy mendrika izao ny Malagasy feno fahendrena mandala ny fihavanana, be herimpo. Mitsiky foana, na dia eo aza ny fahasahiranana lalovany isan'andro, isan' andro. Aoka izay ny fihatsaram-belatsihy amin'ny lainga tsara lahatra! Tsy rariny intsony. Tsy misy fitiavana mihitsy ny fihetsiky ny fitondràna Andry Rajoelina. Resaka kobaka ambava daholo ny sisa. Tsy mahalala raha tsy ny resaka rendrarendra sy vola miditra any aminy. Heveriny ho "Olom-pirenena tsy manan-zo ny Malagasy" "Citoyen de seconde zone" hoy ny frantsay satria izy manana ny zom-pirenena frantsay. Porofo mitohaka



amin' ny tenda ny zavatra mitranga tany Alaotra mangoro: rehefa zazavavy mitovy zom-pirenena frantsay amin'i Andry Rajoelina no voatohitohina, dia haingana be ny fanapahan-kevitra raisiny, fa rehefa ny zon' ny zazavavy malagasy no voahitsakitsaka eto amin' ny tanindrazany, dia tsy re feo mihitsy. Mpitondra manitsakitsaka ny fomba, ny fady ary ny hasina maha Malagasy, any ka mikorontana ny fiarahamonina. Tsy tia Rajoelina intsony ny maro, ka miseho ankehitriny ny fahatezeran' ny vahoaka maro an'isa. Ny fomba sisa hitazonana ny fanjakana dia ny didy jadona. Ny zavatra nitranga tany Ikongo, dia porofo mitohaka amin' ny tenda fa tsy tia ny malagasy Rajoelina na dia mody nitondra teny fiaraha miory avy any Frantsa aza. Tany tan-dalana hono i Madagasikara nefa ny lalana fototra aza tsy hajainy. Izany dia fihatsaram-belatsihy fotsiny izao. Tsy manana ny rariny mihintsy ny zandary eo ambany fahefany tamin'izao famonoan'olona tsy manan-tsiny maherin'ny roapolo izao. Tsy amin'ny firenena milaza ho demôkratika toa an'i Madagasikara no ahitàna mpitandro filaminana manao tifitra variraraka amin'ny vahoaka tokony harovany, fa any amin'ny firenena mampihatra ny fitondrana didy jadona. Taratra izay endriky ny didy jadona izay koa ny zavatra hita eo amin'ny lafiny ara-politika, indrindra fa eo amin'ny fahalalahana maneho hevitra. Rehefa ny antoko na fikambanana politika manohana ny fitondrana no manao fihetsiketsehana an-dalambe dia mahazo alàlana malalaka eran'ny Nosy. Rehefa ny antoko avy amin'ny fanoherana no mikasa hanao fihetsiketsehana an-dalambe na amin'ny toerana fanan'olon-tsotra toy ny Magro, dia tsy omen'ny Fanjakana alàlana mihintsy ary miaramila mirongo fitaovam-piadiana an-jatony no hahetsika. Ny fampiharana ny lalàna hain' izao fitondrana izao dia manao didiko fe lehibe tohin'ny ny fampidirana am-ponja eny Tsiafahy an'ilay mpiasan'ny Unesco naka ny sarin'ny valizin'ny filoham-pirenena. Tsy misy intsony ny zon' ny Malagasy. Tsy mendrika izao ny Malagasy feno fahendrena, be herim-po; eny mitsiky foana, na dia eo aza ny fahasahiranana lalovany isan' andro, isan'andro.

*Helisoa*

Association Famo Gidraka

# Nitondra teny fankaherezana ho an'ireo niharamboina tany Ikongo



Mbola maro ireo fikambanana mpanao asa soa na ny mpanao politika no miondrika ampanajàna manoloana ny nahafatesana mpiray tanindrazana izay miisa 20 mahery sy naharatràna mponina miisa 60 mahery ao Ikongo. Isan'izany ny fikambanana mpanao asa soa ny association Assanat Famo Gidraka izay nanao fanambaràna ihany koa Ny Association Assanati Famo Gidraka manerana ny Nosy dia miondrika am-pananjana eo antrehan'ny vata mangatsiakan'ireo namoy ny ainy tamin'ny raharaha nitranga tao Ikongo, Ary miara-ory amin'ny fianakaviana manontolo namoy Havana. Andriamanitra tompon'ny aina sy mpandahatra ny fiainantsika anie hampionona ny fo maratra. Handry am-piadanana anie ny fanahin'ireo maty Mitondra ihany koa ny teny fankaherezana ho an'ireo maratra, mirary fahasitranana haingana tompoko. Andriamanitra manankarem-pahasoavana anie hanaisotra ny rofy ka hikasika ny fery ary hanasitrana anareo.
Farany dia maniry ny hisian'ny fandraisana andraikitra amin'ny tandrifin'izany rehetra ka hahitana ihany koa ny vahaolana hisorohana ny toe javatra mitranga toy izao.
Mifampivavaka Tompoko

*Helisoa*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Sahirana ny ray amandreny amin'ny fampidirana mpianatra

Nanomboka tamin'Ity herinandro ity ny taom-pianarana vaovao 2022-2023 eto Madagasikara , raha ny fandaharam-potoana efa napetraky ny ministera mpiahy. Maro ireo sekoly nanomboka izany tamin'ny alalan' ny fotoam-bavaka iraisam-pinoana. Tao ireo nanokana fety aman-danonana fohy, korana sy fanomezana fitaovam-pianarana sy fitafiana ireo izay mendrika tamin'ny taom-pampianarana nodiavina farany teo. Tsy vitsy anefa ireo ray aman-dreny nilaza fa daty fidirana ity herinandro ity, nefa ankizy maro dia maro no mbola tsy voasoratra anarana noho ny tsy fahampiana ara-bola Manampy trotraka izany ireo fitaovana tsy maintsy vidiana. Ny saram-pisoratana anarana sy ny saram-pianarana moa dia tsy maintsy aloha maloha raha sekoly tsy miankina Ny saram-pisoratana anarana eny amin'ny sekolim-panjakàna EPP sy CEG dia maizimaizina ihany koa ny hoe tsy mandoha saram-pidirana . Eo ihany koa fividianana fitafiana mitovy, kitapo sy kahie ary fitaovana hafa koa ho an' ny sekolim-panjakana sasany, izay tena hita fa sakana ho an'ireo sahirana sy kely fidiram-bola Raim- pianakaviana mikarama 3hetsy ariary isam-bolana ary mampiditra zanaka roa teny amin'ny sekolim-pinoana avaradrano no nilaza mazava fa 9 alina ariary isaky ny ankizy no nalohany raha vao avy nandray karama izy ny faran'ny aogositra teo, manampy izany ny hofan-trano kely 6 alina ariary, dia hita mazava fa tsy misy dikany intsony ny ambin-karama 6 alina ariary sisa ataony vidin-tsakafo amin'ity volana septambra hitsahina ity. Tsorina hoy ity raimpianakaviana mpanao asa fiambenana ity, fa ireo seho sy tranga ireo tokoa no miteraka ny olona hitady ny sitrany ahay hatrany, ka lasa mitarika any amin'ny resaka fankam-panahy. Iza anefa no omena tsiny amin'izany ?

*Beharo.*

Hetsiky ny mpitondra fivavahana

# Mahonena sy manafintohina tanteraka ny zava-misy tany Ikongo

Manoloana ny nahafatesana mpiray tanindrazana tany Ikongo dia namoaka fanambaràna ny hetsiky ny mpitondra fivavahana HMF.
Mirary fiononana feno sy mivavaka ho an'ny fianakaviana nanana ny maty. An'Andriamanitra ny aina ary tsy avelany ho fatifaty foana ny olona na iza na iza namono sy voavono. Ny vahoaka dia natao ho arovana ary ny mpitondra izay manana fahefana hampiasa ny mpitandro ny filaminana no tompon'andraikitra voalohany amin'izany Mitarika ny saina hieritreritra sy handinika zavatra maro izay zava-nitranga tany Ikongo izao, ka namoizana ain'ny mpiray tanindrazana miisa 24 ; toy ny hoe : ahoana marina ny fanofanana sy fomba fandraisana ireo mpitandro filaminana eto amintsika ? ny tranga tany antsakabaro, ny mpitandro filaminana namono nahafaty ny vady aman-janany ary namono tena. ny fihoaram-pefy sy fanamparam-pahefana re etsy sy eroa...sns Sao dia tokony ho heverina manokana ny famahana olana eo amin'ny antsoina hoe "famerenana ny fitokisan'ny vahoaka ny rafi-panjakana mahefa, toy ny fitsarana, ny mpitandro ny filaminana..sns", Tsy efa fotoanany ve izao hanehoan'ny mpanao politika Malagasy sy ny tompon'andraikitra ambony rehetra na sivily na miaramila, fa fahamendrehana sy fahambonian-tsaina ny miala rehefa nisehoan-javatra tsy tokony hiseho, ny teo ambany fiahianao, mba ahazoana manarina haingana ny lesoka sy misoroka izay mety ho fiverenan'ny tranga, toy ny mitranga any ivelany Raha nirodana ny kianja iray tany Italia taona maro lasa izay, dia niala ny tompon'andraikitry ny foto-drafitrasa tany aminy ? Ekena tokoa fa tsy ny fanomeza-tsiny loatra no tena hampandroso fa ilaina kosa ny mahay maka lesona ary ny tena Tompondraikitra dia "manam-panahy " handinihan-tena sy ny zava-misy eo amin'izay andraikitra manandrify azy; fa tsy ny olona hafa no handeha hamoha na hanaitra azy. Mivavaka ho an'ny vahoaka Malagasy ! Diniho ihany sao mahasoa !
« Tsy hangina Aho noho ny amin'i Ziona, Ary tsy hitsaha-miteny Aho noho ny amin'i Jerosalema, mandrapiposaky ny fahamarinany tahaka ny famirapiratry ny mazava, ary ny famonjena azy tahaka ny fanilo mirehitra. » (Isaia 62,1)

*Helisoa*

Ny Valosoa sy hadihady

## Fampidirana mpianatra

# Sempotra tanteraka ireo ray amandreny

Nanomboka omaly alatsinainy no niverina an-tsekoly ny mpianatra ary miatrika indray ny taom-pianarana vaovao 2022- 2023. Sempotra tanteraka ireo ray aman-dreny marobe tamin'ny fanomanana sy fampidirana an-tsekoly ny zanany. Niaraha-nahalala tsara ny fidangan'ny vidin-javatra toy ny fitaovam-pianarana sy ny kojakoja samihafa mifandraika amin'izay fianarana izay. Nanampy trotraka ihany koa ankehitriny ny fisondrotry ny saran-dalana ka mampitombo ny fandaniana ao an-tokantrano. Zaza madinika sy ny kilonga ve hoentina mandeha dia an-tongotra lava maraina sy hariva eo, ho reraka izy ireo tsy hahavita n'inona n'inona intsony aoriana kely sy tsy hiasa firy ny sainy any am-pianarana. Fatiantoka lehibe ho an'ny ray aman-dreny sy ny ankizy ny vokatr'izany satria sady lany vola, no lany fotoana ka hisy fiantraikany ihany koa any amin'ny vokatry ny fianarana.
Niady irery ireo ray aman-dreny niatrika ny fampidirana an-tsekoly ny zanany. Tsy hita izay mba fanampian'ny fitondrana, fa niendrika fampiresahana ny vahoaka aza no betsaka. Nambarany mantsy fa hoe maimaim-poana ny fianarana amin'ireny sekolim-panjakana ireny kanefa nahavariana sy nampieritreritra ny fahitana ireo nilahatra teny amin'ny banky maro samihafa teto an-drenivohitra nandoa vola ho an'ny sekoly hianaran'ny ankizy. Tsy mitombina ny hoe tsy mandoa vola sy maimaim-poana ny fianarana any amin'ny sekolim-panjakana, fa tsy nisy ray aman-dreny nandefa bôjy ny zanany nianatra izany. Miendrika famitaham-bahoaka izany. Misy aza hatramin'izao ray aman-dreny mbola tsy nahavidy ny fitaovam-pianaran'ny zanany.
Ny tsapa ihany koa, dia alaim-panahy, na variana fotsiny amin'ny fotoana fidiran'ny mpianatra toy izao ny tomponandraiki- panjakana eo anivon'ny seha-pampianarana. Rehefa milamina ho azy ireo ny fidiran'ny mpianatra toy izao, dia ampy izay aloha ary vita ny asa. Adino sy tsy voasaina mihitsy amin'io ireo zaza tsy tafiditra an-tsekoly mirenireny fotsiny eny rehetra eny. Noho ny fahasahiranan'ireo ray aman-dreniny sy ny fahantrany lalina mihitsy no anton'izany. Tsy nisy mazava hatreto ny ezaka nataon'ny fitondrana momba azy ireo, na ny fanampiana ireo ray amandreniny. Fanentanana hatrany no ataon'ny fitondrana amin'ny fampidiran'ny ray aman-dreny ny zanany an-tsekoly, f'angaha izy ity vitan-dresaka fotsiny toy izany? Mitabataba sy misehoseho ery ireo fikambanana milaza ho mpiaro ny zon'ny ankizy isaky ny volana jona, kanefa tsy re feo sy hita akory izy ireo amin'ny tranga toy izao fampidirana an-tsekoly ny mpianatra izao. Miendrika fisehosehoana no betsaka, fa ny asa mivaingana tsy hita mazava.
Olana vitsivitsy ihany amin'ireo tranga marobe atrehin'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra ireo voaresaka ireo. Ity seha-panabeazana sy fampianarana ity no anisan'ny be olana tsy voavaha indrindra eto amin'ny firenena. Itarafana mazava tsara ny tsy fahombiazan'izao fitondrana Rajoelina izao io.

**Sôh'son**

NY TENY FIAINANA




*"Fantaro ny zavatra rehetra; hazony mafy izay tsara."*
***I Tesaloniana 5:21***

Vondrona Eôrôpeanina

# Isabelle Delattre Burger no Ambasadaoro vaovao

Efa tonga eto amintsika ny Ambasadaoro vaovaon'ny Vondrona Eôrôpeanina eto Madagasikara hisolo ny Ambasadaoro teo aloha Giovanni Di Girolamo. Ramatoa Isabelle Delattre Burger indray, no ho Masoivohon'ireo firenena Eôrôpeanina miisa 27 eto amintsika manomboka izao. Efa lehibe nisahana an'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indiana tao amin'ny Vondrona Eôrôpeanina izy, mialoha izao nanendrena azy ho Ambasadaoro eto Madagasikara izao. Omaly ity diplaomaty ity, no nanatitra ny dika mitovy ny taratasy fanendrena azy, tamin'ny lehiben'ny diplaomasia Malagasy, Richard Randriamandranto. Heverina fa mbola hanamafy izy, ny tsy maintsy tokony hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena eto Madagasikara, mba hisian'ny fifidianana mangaraharaha, tsy hiteraka korontana, sy eken'ny rehetra, amin'ny fifidianana ho avy eto amintsika.

**Isambilo**



*Ny Masoivoho vaovaon'ny Vondrona Eôrôpeanina eto Madagasikara.*

Praiminisitra teo aloha Monja Roindefo

# Tsy lahatr'Andriamanitra ny nahafatesana olona tany Ikongo

Nanoloana ny tranga nahafatesana olona 24 sy naharatrana olona maro taorian'ny fitifirana nataon'ny zandary tany Ikongo noho ny raharaha hala-jaza varira, dia naneho ny fiombonana alahelo tamin'ireo vahoakan' Ikongo ny praiminisitra teo aloha Monja Roindefo, no mitondra ny teny fampaharezana. Tsy lahatr'Andriamanitra ny toy izao hoy izy fa vokatry ny aretina mikiky ny fiarahamonina noho ny firongatry



ny tsy fandriampahalemana isan-karazany sy ny fanjakana misy, izay mampanontany tena ihany hoe : amin'ny lafiny inona no tena mampahomby azy satria dia mikorontana tokoa ny fiarahamonina malagasy ankehitriny. Lasa ny fanjakana mihintsy sy ireo antana-toham-panjakana no tsy itokisan'ny vahoaka malagasy raha tarafina amin'ny zava-misy sy iainana amin'izao.
Raha amin'ny fahitalavitra sy radio no ahitana sy andrenesana ny tifitra, vonoolona sy fifanafihana maro samihafa any amin'ny faritra tsy milamina any Afrika, dia zary efa ho fahita matetika eto amintsika izany.
Koa manao "Antso Avo" amin'ireo Mpampiasa ny fahefam-panjakana fa:
Tsy ny any Ikongo ihany no ilàna fanadihadiana fa dia ny firenen-tsika manontolo mihintsy, mba hamerenana ny filaminana isam-paritra sy isam-piarahamonina eto Madagasikara.

**Helisoa**

Antoko UNDD

# Hamafisinay ny maha zavadehibe ny Fampihavanana

Nisy ny fanambaràna nataon'ny antoko UNDD manoloana ny tranga nahafatesana Malagasy tany amin'ny distrikan'Ikongo sy naharatràna olona maro . Nisy ihany koa ny sosokevitra naroson'izy izy ireo mba hamahàna ny olona mianjady eto amin'ny firenena Manoloana ny zavamisy mampalahelo hiainan'ny mpiray tanindrazana any Ikongo izay namoizana aina malagasy , dia tsy hainay mpitarika sy mpikambana ato amin'ny antoko UNDD ny hangina. Miondrika ampanajana sy miara-miory amin'ireo havana namoy fianakaviana, vady, zanaka, mpiray tampo, mpiaramonina izahay. Miara ory aminareo izahay ary mitondra ny teny fampaherezana amin'ny anaran'ny antoko. Mirary fahasitranana haingana ho an'ireo naratra ary mankahery ireo mpitsabo manao ny ainy tsy ho zavatra mikarakara ireo marary . Melohinay marindrano eto ny fakana ankeriny sy fampihorohona tsy misy farany ny zaza sy ny olona varira miseho lany etsy sy eroa izay loharanon'ity trangan-javatra mahonena ity. Tsapan'ny rehetra ankehitriny ary mbola hamafisin'ny zava-misy ny maha-zavadehibe ny fampihavanana amin'ny ambaratonga samihafa eto amin'ny tany sy ny firenena. Ny Fampihavanam-pirenena izay nataon'ny antoko Undd filamatra no antoky ny fampivoarana sy fiarahamonina mirindra. Manainga ireo mpitondra mahefa isan'ambaratongany koa hanao laharam-pahamehana izany . Fampihavanam-pirenena tena hatrany ifotony no ahafahan'ny rehetra miara-manarina ny Firenena iombonana.

**Helisoa**

Faritra Menabe

# Samy manao izay tiany ireo olom-boafidy sy olom-boatendry

Ohatra ny tany tsy misy fanjakana intsony ny ao Menabe satria dia samy maka ho azy ireo olomboafidy sy olom-boatendry . Hita ao Menabe ny ben'ny Tanana sy solombavambahoaka tsy mifanaraka , hany ka miteraka tsy fandriham-pahalemana sy fampandrosoana . Misy ao koa ny olomboatendry samy olomboatendry tsy mifanaraka, ka variana mifampitory sy mifanaratsy fotsiny . Eo koa ireo olom-boatendry sy olom-boafidy tsy mifanaraka , hany ka mikorotana tanteraka ny fitantanan-draharaha ao Menabe . Raha ny resaka famatsiana jiro fotsiny no jerena dia vaovao diso no asain'ny tompon'andraikitra hamparitaky mpanao gazety satria raha nisy ny fihaonan'ny ray amandreny teo an-toerana dia nilaza ny tompon'andraikitra fa tsy afaka miala amin'ny fahatapahana jiro ny distrikan'ny Morondava. Akory anefa ny hagagan'ny maro fa nandritra ny hetsika izay nokarakarain'ny solombavambahoaka voafidy tao Morondava dia tsy tapaka mihintsy ny jiro nandritra ny telo andro, saingy rehefa vita ny hetsika festival Rifatsa dia niverina maty indray ny jiro amin' ny folo ora alina , ary tsy niverina raha tsy amin'ny enina ora maraina. Koa miantso ny tompon'andraikitra ambony ny vahoaka ny mba hijerena ny zava-misy any Menabe satria toa manjaka tanteraka ny tsy fandriham-pahalemana .Ny vidin-javatra moa dia samy manao izay tiany ireo mpivarotra. Raha izao no mitohy dia ahiana ny hisian'ny hetsika ataon'ny vahoaka izay efa nisy ihany no saika hihetsika , fa saingy tratran'ny ramatahora dia tsy raikitra satria izay maneho hevitra dia henjehina sy hamoronana heloka hanenjehana azy . Sahirana tanteraka ny firaisamonim-pirenena sy ny justice et paix satria dia henjehina sy toriana tsy havela hanao ny asany. Distrikan'ny Miandrivazo sisa no mba hany milamina sy mandry fahalemana nohon'ny firaisankinan'ny tompon'andraikitra ao ary eo koa ny tsy fampifangaroana ny politika sy ny fitatanan-draharaha satria ny hetsika rehetra izay atao ao Miandrivazo dia tsy ahitana loko politika na dia iray aza . Ny mampalahelo anefa etsy andaniny dia miseho lany ny fanalàna sy fanesorana ireo olomboatendry ao Miandrivazo izay hita fa tena manao ny asany ho an'ny vahoaka. Koa manao antso avo ireo vahoaka sy ben' y Tanana ao amin'ny distrikan'i Miandrivazo ny mba tsy hanovàna ny tompon'andrikitra ao amin'ny nohon'ny resaka politika, satria dia hita ny vokatra azo tsapain-tanana, indrindra fa ny eo amin'ny lafiny fitandroana filaminana

**Rajepa**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny famaranana ny JMJ andiany faha 10 tany Antsirabe ny alahady teo.**

















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana Marc mivady nanatrika ny famaranana ny JMJ andiany faha 10 tany Antsirabe.**


















FOKONTANY APANDRASOA CR MAHASOA DISTRIKAN' IHOSY ..

# Namono olona indray ny zandary

Nitrangana vono olona indray tao amin'ny fokontany Apandrasoa distrikan' Ihosy ; Naneho ny alahelony ny fianakaviana nitantara ny zava-nisy tany antoerana . Ambin- trosa tsy voaloha ve no namonoan'ny zandary ny havanay ? hoy ireo Fianakaviana mitantara Voalaza fa nosamborina noho ny resaka trosa ity olona voatifitra ity . Efa voahefa ny 80% n' io trosa io fa kely sisa tavela,ka netina tany amin'ny brigade GN mahasoa izy. Marihina fa ny Zoma harivariva dia nanatitra sakafo ny vinanto lahiny,de nanome sakafo azy tao amin'ny birao dia navoaka ny garde izy .Afaka kelikely de nangataka nipipi izy de niteny ilay garde hoe sao dia hilefa anao ? dia namaly izy fa tsy hilefa aho . Izaho vinanto lahiny anefa amin'io tonga teo antokon- tany ilay hoe hanatitra sakafo , tonga dia poa -basy no henoko sady nangovitra aho, Nojereko fa i Tondra mitsirara amin'ny tany teo Ambodisakoa ny birao no hitako. Tonga avy tany moa le chef nitifitra azy nidaroka ahy niaraka tamin' ny namany miisa 6 teo angamba zay raha tsy diso aho nandaroka ahy ary nanery ahy hoe maneke anao fa ataovy nilefa i Tondra ka izay no nitifirana azy. .Miangavy ny Fitondram-panjakana mba hijery akaiky ity raharaha ty fa tena mapalahelo ny mahazo ny madinika indrindra moa ianao Atoa SEG, jereo akaiky ty raharaha ty fa lasa fanaon'ny zandary ty mitifitra olona tsy manan-tsiny ity hoy ny fianakavian'ny maty .

***Ny Valosoa***

Distrikan'ny Morondava

# Zandary iray sy dahalo 13 no maty

Nandritry ny fifandonana teo amin'ireo dahalo sy ny mpitandron'ny filaminana tao Ankilimanintsy-Bezeky kaominina ambanivohitra Analaiva izay tohin'ilay fanafihana nahafaty terantany vahiny ny zoma faha 02 Septembre lasa teo tao amin'ny fokotany Akijabe kaominina amabanivohitra Bemanonga dia zandary kilasy ambony iray antsoina hoe Ralay Roberto no lavo teo ampanan-tanterahana ny iraka nampanaovina azy izay namela mananon-tena iray sy kamboty roa vavy . Miaramila kilasy faha 2 iray ihany koa no naratra voatifitra tamin'ny tongony. Andanin'izay, dahalo miisa 13 no lavon'ny mpitandro ny filaminana ary omby 85 tamin'ireo 160 lasan'ny dahalo no efa tafaverina . Tsy nentin'ireo dahalo ny basin'ilay zandary voatifitra fa ny chargeur izay mbola nisy bala no nentin'izy ireo. Efa nisy



*Ilay zandary lavo.*

ny "renforts" manampy ireo mpitandron'ny filaminana miady amin'ireo dahalo amin'izao saingy mbola ireo ao amin'ny faritra Menabe ihany. Tsotra ny tarigetran'ny mpitandron'ny filaminanana , fa tsy maintsy rava ity andihan-dahalo ity ary tsy maintsy tafaverina ireo omby rehetra na dia sarotra aza ny ady , satria dia maro ireo dahalo izay efa mahatratra 60 ny isany . Araky ny vaovao heno any antoerana aza dia efa misy naman' ireto farany koa ho avy hanampy azy ireo amin'ny ady hifanandrinana amin'ny mpitandro filaminana , sady mitondra fitaovam-piadiana mitovy amin'ny mpitandron'ny filaminana izy ireo, satria dia hita fa balan'ny kalack no nahavoa ilay miaramila voatifitra .Vokatr'izay dia nandray fepetra avy hatrany ny eo anivon'ny OMC izay notarihin'ny Prefet ka tsy azo atao ny mivezivezy amin' ny alina ao amin'ny distrikan'i Morondava sy Mahabo manomboka amin' ny sivy ora alina ka hatramin'ny enina ora maraina ary tsy maintsy mitondra karam-panondro avokoa ireo mivezivezy ao amin' ireo distrika roa ireo satria hisy ny fisavana . Etsy ankilany dia mitaraina ireo vahoaka sy ireo mpandraharaha manoloana io fepetra io satria dia maro ireo fiveloman'ny olona no simban'io fanampahankevitra io toy ny an'ireo mpitatitra izay tsy afaka miasa amin'ny alina , nefa dia maro ireo mila bajaja amin'ny alina. Eo koa ireo olona izay tonga amin'ny alina amin'ny taxi brousse satria dia amin'ny folo ora alina ireo taxi brousse vao tonga . Ao koa ireo hamonjy fiaingàna vao maraina be satria dia amin' ny 3 ora maraina no fihaingana. Ireo marary tampoka moa dia efa tsy lazaina intsony , ireo trano fandraisam-bahiny sy filanonana moa izay vao manomboka miarin-doha vokatry ny krizy nateraky ny Covid dia mizaka ny mafy amin'izao fanampahan-kevitra jadona izao . Koa manao antso avo izy ireo fa ny fahazavana ihany no vaha olana ka tokony hatao izay handehanan'ny jiro amin'ny alina satria efa ho telo volana izao dia tsy misy jiro mirehitra Morondava manomboka amin'ny sivy ora alina ka hatramin'ny 6 ora maraina.

***Ny Valosoa***

Mahajanga

# Tratran' ny polisy ny lehilahy mpanolana sy mpanindron'antsy vehivavy

Lehilahy mpanolana sady mpanindrona antsy vehivavy no traha -tehaky ny polisy tao Mahajanga. Milaza mahita asa ho an'ireo tovovavy mipetraka ao Mahajanga ity lehilahy ity . Rehefa tafaresaka amin' ireo tovovavy izy dia hainy ny mandresy lahatra azy ireo ary mody entiny any amin'ilay toeram-piasana, kanefa ho entiny any amin'ny toerana mangingina. Rehefa tonga ao amin'ilay toerana indray dia tereny hanao firaisana ara-nofo aminy ilay vehivavy , ka raha mamaly azy dia tsindrominy amin'ny antsy ny tendan'ilay olona, ary nisy ireo vehivavy niharan'izany. Vita ny ataony dia alefany mandeha ilay vehivavy ary alainy ny findainy . Fitoriana miisa 03 no azon'ny polisy mahakasika ity lehilahy 27 taona ity ary tratra ihany izy ny farany.

***Helisoa***

Taom-pianarana 2022-2023

# Nanomboka omaly ary hifarana ny 23 jona 2023

Nanomboka omaly 5 septambra, ka tsy hifarana raha tsy ny 23 jona 2023 ny taom- pianarana vaovao 2022-2023. Amin'ity taom-pianarana ity, hizarana ho 2 volana 5 ny taom-pianarana amin'ity indray mitoraka ity, ny 2 volana voalohany dia nanomboka omaly 5 septambra, ka tsy hifarana raha tsy ny 28 oktobra 2022. Ny roa volana faharoa dia hanomboka ny 7 novambra 2022, ka hatramin'ny 23 desambra 2022. Ny 3 volana faha-3 hanomboka ny 9 janoary 2023 ka hatramin'ny 24 febroary 2023. Ny andron'ny sekoly dia hatao amin'io telovolana faha-3 io: ny 22 ka hatramin'ny 24 febroary 2023. Ny 2 volana faha-4: ny 6 martsa 2023 ka hatramin'ny 7 aprily 2023 ary ny 2 volana faha-5 farany: ny 24 aprily 2023 ka hatramin'ny 23 jona 2023. Ireo fotoam-pialan-tsasatra kosa amin'ity taom-pianarana ity: fialan-tsasatry ny Fetin'ny Olo-masina: ny 29 oktobra ka hatramin'ny 6 novambra 2022. Fialantsasatry ny Noely: ny 24 desambra ka hatramin'ny 8 janoary 2023. Fialantsasatry ny andron'ny sekoly : ny 25 febroary ka hatramin'ny 5 martsa 2023. Fialan-tsasatry ny Paska: ny 8 aprily ka hatramin'ny 23 aprily 2023. Ary ny fialan-tsasatra lehibe amin'ity taom-pianarana vaovao ity : hanomboka amin'ny 24 jona amin'ny taona ho avy.



*Ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena etsy Anosy.*

***Aly***

Mpiasan'ny Ivontoeram-pirenena momba ny statistika (INSTAT)

# Mitaky ny ho raisina ho mpiasam-panjakana Ireo mpiasa "Contractuel"

Nidian'ireo mpiasa "Contractuel' ny vavahadin'ny Instat ivon-toeram-pirenena momba ny statistika ny alatsinainy maraina lasa teo nentiny nanehoany ny hatezerany sy hanairana ireo mpitantana eo anivon'ny Instat mba hamaly ny fitakian'ireo mpiasa. Nilaza ny solontenan'ny mpiasa "Contractuel' ao amin'ny Instat fa tsy mitovy intsony ny fitantanana ny mpiasa ataon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Instat ary tsy misy fanajana ny zon'ny mpiasa akory.Nanohy fanazavana ny solontenan'ny mpiasa fa mitaky ny fandoavana manontolo ny volan'ny Cnaps ho an'ny mpiasa sy ny fitovian'ny mari-karama ho an'ny mpiasa rehetra ary mitaky ny hampidirana ny mpiasa 'Contractuel" ho mpiasam-panjakana satria efa nanompo ny Intsat nandritran'ny taona maro ireto farany. Nilaza Andriamatoa Romalahy Zefania Isaora Tale jeneralin'ny Instat fa tsy ara-dalàna velively ny fitakiana ataon'ireo mpiasa "Contractuel' ireo satria "Contrat à durée Indéterminée" no nifanarahana niaraka tamin'ny Instat fa tsy fampidirina an'ireto mpiasa ireto ho lasa mpiasam-panjakana. Vokatr'izany tsy misy idiran'ny Fanjakana hoy izy ny fifanarahana fa ny "Regime de droit privé" no mifehy an'izany.Nanohy fanazavana ny Tale jeneralin'ny Instat fa voafehin'ny lalàna mikasika ny asa ny "Contrat à durée indeterminée" ary azo atao tsara ny mampitsahatra ny fifanarahana raha toa ka tsy afa-po ny roa tonta.Nanamafy Andrimatoa Romalahy Zefania Isaora fa tokony nanao fangatahana hiditra ho mpiasam-panjakana eo anivon'ny Ministera mpiahy ireto mpiasa "Contactuel" ireto raha tiana ny hiditra ho mpiasam-panjakana ary efa nohazavain'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Instat nandritran'ny fifampiresahana natao niaraka tamin'ny mpiasa.Tsiahivina fa miisa 171 ireo mpiasa "Contractuel" eo anivon'ny Instat ary miantso ny filoham-pirenena ireto farany hijery akaiky ny hetahetan'izy ireo.

***Franck Razakambelo***

## Fintina FANATANJAHANTENA

**Akio U 18 tany amin'ny CAN Handball 2022**
**Laharana faha-4 farany tao amin'ny vondrona B**

Niharana faharesena fahatelo tamin'ny zoma 03 septambra 2022 lasa teo ny Akio U 18 Malagasy tamin'ny fifaninanam-bondrona ny fifaninanana CAN Hanball sokajy U 18 notontosaina tany Rwanda , satria lavon'ny ekipam-pirenena Egypsiana 64-14 indray ry zareo tamin'io fihaonana faha-3 natrehany io. Vokany : laharana faha-4 farany no nisy ny Akio U 18 Malagasy tao amin'ny vondrona B nisy azy Niatrika ny fiadian-toerana tsy hahalaharana farany azy eo amin'ity fifaninanana ity ny Akio omaly alatsinainy 05 septambra 2022 ka io no hamaritra ny mety hiarovana ny voninahitr'i Madagasikara solon'izy ireo tena. Marihana fa anio talata 06 septambra 2022, any Kigali Rwanda no ho tanterahina ny lalao famaranana eo amin'ity fifaninanana ity ka hifanandrinan'ny ekipam-pirenen'i Rwanda mpampiantrano sy ny ekipam-pirenen'i Egypte. I Rwanda dia nandavo an'i Maroc tamin'ny moka fohy 35-34 teo amin'ny ankatoky ny famaranana ary Egypte kosa nanamontsana an'i Burundi 66-22.

**Volley ball 1D F sy 1DM ary U 16 Filles sy U 16 Garçons**
**Fifaninanam-pirenena mamarana ny taom-pilalaovana 2022**

Ho tanterahina amin'ny 10 ka hatramin'ny 18 septambra 2022 ho avy izao ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy 1D F sy 1DM sy ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara 2022 sokajy U 16 zatovovavy sy U 16 Zatovolahy taranja volleyball izay samy ho tontosaina eto Antananarivo avokoa no hamaranana tanteraka ny taom-pilalaovana volleyball 2022. Ekipa 6 no handray anjara amin'izany eo amin'ny sokajy U 16 zatovovavy ka ahitana ny ekipan'ny Asi Analamanga, Bi'As Analamanga, Evbi Ihorombe, Vbcd Analamanga ary ny Rvb Analamanga. Ekipa 4 kosa no hifanandrina eo amin'ny sokajy sy U 16 zatovolahy izay misy ny Gnvb Analamanga, Bi'As Analamanga, Asi Analamanga ary ny Evbi Ihorombe. Hoan'ny sokajy 1DF indray dia ekipa mahatratra 11 no handray anjara amin'ny fifaninanana : Steff'Auto Atsinanana, Bi'As Analamanga, Gnvb 1 Analamanga, Gnvb 2 Analamanga, Asi Analamanga, Squad Analamanga, Mvbc Boeny, Ankoay Vb Anôsy, Evbi Ihorombe, Ecvb Atsinanana ary Amvb Analamanga. Hoan'ny sokajy 1DM farany dia mbola ekipa 11 ihany koa ireo handray anjara amin'ny fifaninanana (Mami Atsinanana, Cosfa Analamanga, Gnvb 1 Analamanga, Gnvb 2 Analamanga, Pole Gnvb Analamanga, Mama Vbc Analamanga, Assm Analamanga, Evbi Ihorombe, Asi 1 Analamanga, Asi 2 Analamanga, Cvbf Atsimo Atsinanana.

***Nangonin'i Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**03/09/2022 hatramin'ny 10/09/2022**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1340-09-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ONIVERSITE BARIKADIMY TOAMASINA

# Hametrahana sekoly ambony momba ny pôlyteknika




*Ny Oniversiten'i Barikadimy any Tomasina faritra Atsinanana.*

Heverina amin'izao fotoana ny hametrahana toerampampianarana ambony, na sekoly ambony momba ny Pôlyteknika any amin'ny Oniversiten'i Barikadimy any Toamasina faritra Atsinanana. Ny herinandro lasa teo, nisy ny dinika ho amin'ny fametrahana izany, ka amin'ity taom-pianarana ho avy 2022-2023, no heverina hanombohana izay sekoly momba ny Pôlyteknika izay, any amin'ny Renivohitry ny faritra Atsinanana. Nodinihana nandritra ny fotoana, ny handraisana ireo mpianatra afaka bakalôrea sokajy C, D, S ary teknika, any Barikadimy. Ireo lalam-piofanana hapetraka dia ny Génie des Procédés sy ny tontolo iainana, ny Génie des Mines na ny harena an-kibon'ny tany ary ny Génie Civil sy ny resaka asa vaventy. Nidinika tany an-toerana ny avy amin'ny Oniversiten'i Tomasina, ny avy amin'ny harena an-kibon'ny tany, ny avy amin'ny angôvo sy ny akoranafo ary ny avy amin'ny asa vaventy. Tanjona ny hamoaka injeniera momba ny harena an-kibon'ny tany, ny sehatry ny tontolo iainana, ny sehatry ny asa vaventy any amin'ity Oniversite any amin'ny faritra Atsinanana ity ary amin'ny maha Renivohitra aratoekarena azy rahateo ihany koa, ilaina ny famolavolana sy fanofanana injeniera any an-toerana.

***Aly***

JMJ Mada X Antsirabe

# Nahatratra 2000 tany ho any ny fiara nitatitra ireo mpivahiny

Nahatratra hatramin'ny 2.000 tany ho any ny fiara mpitatitra, nitatitra ireo tanora mpivahiny nandritra ny fihaonamben'ny tanora katôlika manerana an'i Madagasikara, na ny JMJ Mada X, notontosaina tany Antsirabe faritra Vakinankaratra, ka nifarana ny alahady lasa teo. Tanora mpivahiny miisa 28.000 tany ho any, no tonga tany an-drenivohitr'i Vakinankaratra nandritra ny herinandro, avy amin'ireo Diôsezy miisa 22, izay mandrafitra ny Fiangonana EKAR eto Madagasikara. Niisa 9.000 tany ho any kosa ireo fiara mpitatitra nangataka fahazoan-dalana manokana hiasa tany an-toerana. Fararanom-bahoaka tokoa noho izany tany amin'ny renivohitry ny Ranovisy, nahazo ny anjarany ny mpitatitra, nitombo be ny fanjifana tany an-toerana, noho izany, nahazo ny anjarany avokoa ny seha-pihariana maro samy hafa tany an-toerana, indrindra ny mpivarotra. Any Toamasina indray ny JMJ Mad XI amin'ny taona 2026 ary any Lisbone renivohitr'i Portugal, ny JMJ eran-tany amin'ny taona ho avy 2023.

***Aly***




*Nitandahatra maro ireo fiara mpitatitra tany Antsirabe.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 403**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0402)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Bevohoka | -Oh – Reny | - Birao | - Homana |
| -Ilo – No (miv) | (miv) | - Ela – Hao | - Avereno (miv) |
| -Ranomena | -Ar – Sava (miv) | - Vony – Rà | - Niray |
| -Mirary (miv) | - Voay – Tia (miv) | - Ory | - Maka (miv) – ST |

### TENY MIFANARAKA N° 403




**Mitsivalana**

**1.** Fitaovana lalan-drano **2.** Tokana – Loko **3.** Karazana volo **4.** Antsibe maro loko – Solfa **5.** Torovana – Isa aviavy (miv) **6.** Omeo valiny **7.** Mariky ny ho avy – Zava-maniry **8.** Narindra tsara (miv) **9.** Mpanoritra – Heno (miv) – Taona tsy misy farany **10.** Avy amiko sy aminy – Sahala

**Mitsangana**

**A.** Fanehoana ara-pinoana **B.** Avoty, tsinjovy – Matoky (miv) **D.** Nanakoako tamin'ny tsara **E.** Bokin-kira solfa – Mamarana ny vavaka **F.** Tovona – Hatsiaka **G.** Akàna vao mitombo (miv) – Ranjanana (miv) **H.** Tany kely – Tanalahy (miv) **I.** Heloka (miv) – Foko (miv) **J.** Sahala – Aotra **K.** Tsena

### Valiny Teny mifanaraka 0402

**Mitsivalana**

**1.** Masy - Natao **2.** Adina (miv) - Osy **3.** Tahaka - Any (miv) **4.** Alamina - No (miv) **5.** Vonona - Asa **6.** Aty - (B)ok(y) **7.** Ak - Dadany **8.** Niaro (miv) - Ainy (miv) **9.** Eo - Vay **10.** Fanampiana

**Mitsangana**

**A** Matavy - Feo (miv) **B.** Olana (miv) - Aroa **D.** Sihanaka **E.** Tomady (miv) - Iva **F.** Mandinika (miv) **G.** Ana - (Z)ip(o) **H.** Ao - Ody **I.** Tsy - Akanga **J.** Sonia (miv) - Ny **K.** Anariana

**Tournoi Doritos la Relève » andiany faha-2**

# Ny ekipan'ny Efca no tompondaka




*Ny ekipan'ny Efca nandray ny amboara*

Ny ekipan'ny Efca « Ecole de Foot Christian kely Antehiroka » no tafavoaka ho tompondakan'ny fifaninanana baolina kitra « Doritos La Relève » andiany faha-2 natokana hoan'ny sokajy U 15 rehefa nandresy ny ekipan'ny Kinga Sport Ampefiloha 1-0 teo amin'ny lalao famaranana notontosaina teny amin'ny kianjan'Ambohidratrimo tamin'ny sabotsy 03 septambra 2022 lasa teo. Ity ekipa ity izany no nandimby ny ekipan'ny Gffa Itaosy tompondakan'ny andiany voalohany. Notoloran'ny mpikarakara tarihan'i Nicolas Dupuis amboara lehibe tsara tarehy sy medaly volamena ary fanomezana isan-karazany izy ireo tamin'izany fahombiazany izany. Notolorana amboara iray sy medaly volafotsy ary fanomezana hafa koa ny ekipa tompondaka lefitra dia ny Kinga Sport avy eo. Notoloran'ny Doritos marim-pakansitrana manokana ihany koa ireo « meilleurs éducateurs » tamin'ity fifaninanana ity dia ireo mpikambana tao amin'ny ekipam-pirenena teo aloha, Léonie sy Jimmy ary i Hary. Nahazo ny anjarany ihany koa ny « meilleur coach » : Randriamiadana Fidy (Efca), ny "meilleur gardien de but" : Lohann (Kinga Sport), ny meilleur "joueur" : Rivo Diamondra (Efca), ny "meilleur buteur" tamin'ny fifaninanana : Tsioriniaina (Fcta). Ny ekipan'ny 67 City Fc kosa no nahazo ny amboaran'ny « Fair Play » tamin'ity fifaninanana ity. Ny kaominina Ambohidratrimo indray dia notoloran'ny Doritos manokana lelavola nitentina 1.000.000 ar tamin'ny fiafaran'ity fifaninanana ity. Ny ekipan'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena UJSM kosa izay nanao ny lalao fanokafam-bavony tamin'ny ekipan'ny "Anciens Scorpions de Madagascar" tamin'ity famaranana teny Ambohidratrimo ity dia notoloran'Atoa Nicolas Dupuis "Jeux de maillot Garaman" hoentin'izy ireo miatrika ny fifaninanana baolina kitra hatrehany. Marihana fa ekipa nahatra 69 nahitana ankizy 1100 no nandray anjara tamin'ny « Tournoi Doritos la Relève » andiany faha-2 ity.

***Rainilita***

**Ligue des champions Malagasy**

# Anarana vaovao hiantsoana ny fifaninanana rejionaly diviziôna 2 nasiônaly




*Ny Fmf eny Isoraka*

Hanombokoa amin'ny 09 septambra 2022 ho avy izao ny dingana voalohany eo amin'ny fifaninanana baolina kitra sokajy D-2 nasiônaly antsoina hoe « Ligue des champions Malagasy » ankehitriny izay karakarain'ny FMF "Federation Malagasy de Football". Tsy hifarana izany dingana voalohany izany raha tsy amin'ny 18 septambra 2022 ho avy izao. Amin'ny 2 ka hatramin'ny 12 ôktôbra 2022 kosa no hanatanterahana ny dingana faha-2 amin'ity fifanintsanana. Ity. Ny dingana « Poule des AS » kosa ho an'ireo ekipa ho tafita amin'izany dia ho tontosaina amin'ny 23 sy 26 ary 29 ôktôbra 2022 ho avy izao Toerana 4 no hanatanerahana an'ireo dingana fifanintsanana ireo . A-Antsiranana ahitana ny solontenan'i Diana, Boeny, Sava, Sofia, Betsiboka ary Analamanga, B-Fenerive Est ahitana ny solontenan'Analanjirofo, Atsinanana, Alaotra Mangoro I, Analamanga II, Itasy ary Amoron'i Mania. C-Antsirabe ahitana ny solontenan'i Vakinankaratra, Bongolava, Melaky, V7V, Menabe ary Alaotra Mangoro II. D-Toliara : Atsimo Andrefana, Androy, Anôsy, Atsio Atsinanana, Ihorombe ary Matsiatra Ambony.

***Rainilita***

**Barea Chan 2022**

# Hiatrika ny fifaninanana Chan Algérie 2023



*Ny Barea Chan 2022 tetsy Mahamasina.*

Tafita hiatrika ny dingana famaranana ny fifaninanana Chan Algérie 2023 ny ekipam-pirenena Malagasy Barea Chan (mpilalao eto an-toerana) rehefa nanao ady sahala 1-1 tamin'ny ekipam-pirenena Botswanais tetsy Mahamasina tamin'ny zoma 2 septambra 2022 lasa teo (lalao miverin'ny fifanintsanana faharoa tamin'ity Chan ity). Efa naharesy 1-0 ny Botswanais ny Barea tamin'ny lalao mandroso notontosaina tany Botswana tamin'ny asabotsy 27 aogositra 2022 lasa teo. Baolina matin'i Mario Carlos teo amin'ny minitra faha-22 ny an'ny Barea ary baolina matin'i Johnson kosa teo amin'ny minitra faha-65 ny an'ny Botswanais . Nibodo ny tanin'ny Malagasy hatramin'ny farany tamin'ny ankapobeny ry zareo Botswanais nefa tsy nahita afa-tsy io isa tokany io fotsiny ka tsy ampy ho azy ireo hahatafitany ho any Algérie izany. Nahay nitazona ny tombon'isa efa azony hatramin'ny farany kosa ny Barea araka ny torimarika nomen'ny mpanazatrany i Me Rôrô ka io tafita hiatrika voalohany ny fifaninanana Chan io. Taorianan'ny tany Egypte dia nametraka tantara iray hafa indray ny Barea Malagasy amin'izao fahatafitany amin'ny fifaninanana Chan izao. Taorian'ny fandresen'i Madagasikara ny ekipan'I Botswana ary ny nahatafitàna amin'ny Chan Algérie 2022 dia tonga niarahaba ny Barea Chan tetsy Mahamasina ny Kômity mpanatanteraka eo anivon'ny FMF, naneho ny fankasitrahana ny ezaka nataon'ireo mpilalao sy ny staff.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Totokenan'omby sy baranjely sy poivron** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanadiovana maso

Fomba natoraly fanadiovana maso indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maso mahita tsara, misoroka cataracte. Manadio siramamy anaty vatana (diabeta).

ZAVATRA ILAINA:

-vahona 450 g

-tantely 300 ml

-voasarimakirana 4( ny ranony no ilaina).

FIKARAKARANA:

Arotsaka anaty mixer ny vahona halemy tsara( afaka totoina hahazoana ilay gel).

Arotsaka ny tantely sy ny ranona voasarimakirana.

FITEHIRIZANA:

Vera bocal na tavoahangy vera.

FISOTROANA AZY:

Misotro 1 sotro sakafo maraina, atoandro, hariva, 30 min alohan'ny sakafo mandritry ny 1 volana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambohitsilaozana any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambohitsilaozana any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohitsilaozana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Azo lazaina ho efa avo toerana izy, satria 761 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any ny vary, ny hanin-kotrana isan-karazany: toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Ambohitsilaozana, toy ny akoho, ny gana, ny gisa.

